RAPPORT
De l'Atelier sur «L'ACCOMPAGNEMENT DE LA COMMUNE RURALE DE SAHAMBAVY EN TANT QUE CENTRE D'ECXELLENCE

District de Lalangina Région Haute Matsiatra
MADAGASCAR

Figure 1: Centre d'Excellence : CR SAHAMBAVY

Table des matières

- ✓ Résumé
- ✓ Contexte
- ✓ Déroulement de l'atelier
- ✓ Résultat
- ✓ Prochaines étapes

Annexes

- A - Programme
- B - liste des participants
- C – Fiches de présence
- D- Evaluation
- E- GMDC fiches d'enregistrement

LES PARTICIPANTS : CR Sahambavy

N°	Noms et Prénoms	Entités
1	RATALATA Henri	Ckef de Fokontany
2	RAFARAMALALA Marie Georgette	TARATRA Membre
3	RASOARIMANDIMBY Berthine	FKB Soatombona Bedia
4	MARY Berthe	Filoha MAHIRATRA
5	RAHANTARIVELO Nomenjanahary	TARATRA membre
6	VOLOLONIRINA Voahangitiana	Filoha
7	RAZAFIARISOA Florentine	AGN SEECALINE
8	RAVAOJANAHARY Marie Odette	FKB M.M.M.Antarobilava Bedia
9	RAZAFINDRAMASY Marie Lucienne	Membre Renitantely
10	RABENARIVO Sylvia	Responsable Genre
11	RANDRIANASOLO Ernest	Pt courriel en chef ZAP
12	VONJIARIMAMPIONONA Justina Narhies Francine	Sécretaire état civil
13	RAZAFINDRAVOLA Marie Claudine	Filoha FIAMA
14	RAMANAMPAMONJY R. Jean	Vice P. FRAM Soafanirina
15	RAKOTONIRINA Gilbert	Filoha MIARADIA
16	RANDRIANIRINA Aimé Robert	Adjoint au Maire
17	RAVAOARISOA Odette	Secrétaire
18	RAHERISOANIRINA Lalao	Membre
19	ANTRANIORY Mamie Miora	Secrétaire
20	RAZAINJAFY Florine	Membre
21	RAHARINIRINA Marie Ignace	DRV
22	Dianela Eliasy Cinna	SDPAS
23	RATALATA Henri	Chef de FKT
24	RAZAFIARISOA Marie Joséphine	Filoha FI9AMA
25	RAKOTOVAO Honoré Jean Paul	Filoha lefitra AS VAHATSA
26	RAMANAMPAMONJY Marosahanina	Filoha FANANTENANA
27	RANDRIANANDRASANA Martin	SG FITAFIBE
28	RAVAO Arline	Mpanolotsaina TARATRA
29	RALANTOARIMANANA	Filoha FALAFA
30	RAZANABOAHANGY Pierre Precieuse	Filoha Lefitra
31	ANDRIANTSITOHAINA Jeannot	Directeur EPP

PROGRAMME

Heure	Activités	Qui
	1er jour	
08h 30 – 09h	Accueil des participants	AESG/GL
09h – 09h15	Présentation des objectifs et présentation du programme	
09h15 – 11h15	Sommet	AESG/GL
11h15 – 11h30	Pause café	
11h30 – 13h00	Communication Médias	AESG/GL , Prestataire SAHA/FITAFIBE
13h 00-14h00	Déjeuner	
14h00– 16h00	Budget	AESG/GL
	2è jour	
08h30 – 09h00	Accueil des participants	AESG/GL
09h00 – 11h00	Développement économique	AESG/GL
11h00 – 11h15	Pause café	
11h15 – 13h00	Changement climatique	AESG/GL
13h00 – 14h00	Repas	
14h00-16h00	Gestion des conflits	AESG/GL
16h00-16h30		

FAMINTINANA

- Ity fidinana ifotony natao ity dia hanohizana ny fandraisana an-tanana ny Kaomina mba ahantontosana ireo dingana rehetra tokony andalovany ka ahafeno ny fepetra maha « Centre d'Excellence » azy sy koa nentina nanangonana ireo zava-bita tsara azo ifampizarana(bonne pratique) ary hanomana ny Fihaonambe.Mizarara dingana efatra ny asa natao

    - ✓ Dingana voalohany :fanomanana ny atrikasa :20-21 Janoary 2012 :nidina teny antoera nifampidinika tamn'ingahy Ben'ny Tanana namaritra ny daty sy ny fotoana ary ny fampiantsoana ireo mpizaika.
    - ✓ Dingana faharoa :23-25 Febroary 2012 :atrikasa fiofana
    - ✓ Dingana fahatelo:26 Febroary: fanangonana ireo zava-bita tsara
    - ✓ Dingana fahefatra :27 Febroary 2012 :fianarana Internet sy fanokafana adiresy mailaka
    - ✓ Ingahy Lefitrin'ny Ben'ny Tanana no tonga nanokatra amny fomba ofisialy ny atrikasy izay nanararaotany nanamafy ny fisaorana ny GL sy ny AESG ary ny SAHA noho ny Kaominina misy azy ireo voafidy Nanentana ny mpizaika koa izy mba ho matotra tsara amny asa sy fifaninana ho atao mba ho voninahitry ny Kaominina Sahambavy.

      NB.Nifandimbiasana tamnireo mpiasn'ny fahasalamana izay nanao atrikasa ihany koa ny ivon-toeram-pivoriana ka tao anaty Sekoly no ampahan'ny fivoriana no natao.

CONTEXTE

- Ny Kaomina Sahambavy dia anisan'ireo efa nahazo fiofanana sy fiarahana miasa tamny Saha ary nahazo indrindra indrindra ny fandraisana an-tanana tamny ekipa GL/AESG.
- Efa nahavita ireo stazy dimy voalohany ny Kaomina ary hamarana ny efatra ambiny izy afahany mitondra ny anarana hoe « Centre d'escellence » sy hiomanany amny fandraisana anjara amny fihaonambe –pirenena atsy ho atsy.

FIZOTRAN'NY ATRIKASA

1. **Dingana voalohany:** fanomanana ny Atrikasa: 20-21 Janoary 2012 :nidina teny antoera nifampidinika tamn'ingahy Ben'ny Tanana namaritra ny daty sy ny fotoana ary ny fampiantsoana ireo mpizaika ka tapaka fa ny herinandron'ny 23 au 27 Febroary no ho tanterahina izany.
2. **Dingana faharoa:** 24-25 Febroary 2012: atrikasa fiofana:lohahevitra enina no nodinihina nandritra io roa andro io ka ny fomba nampiasaina dia ny fanaovan asa isam-bomiera ka aorian'izay vao manome fanampi-panazavana sy mamintina ireo hevidehibe rehatra tsara ho raisina.

A-SOMMET

Tao anatin'ny Birao Ifotony Fananan-tany no natanterahana ity fivoriana momba ny "sommet" ity satria tao no nisy herinaratra nafahana naira nijery mivantana ny mpitspitsony rehetra izay narahina fanazavana ny mombamomba ny fifaninana no namafisina teto ka tao anatin'izany ny eo amny sehatra nasionaly sy ny rezionaly .Napafantarina ireo mpiofana ny tokony aton'izy ireo sy ireo zavatra homanina,ny daty sy ireo fepetra rehetra.Taorian'izany dia fanontaniana arahim-baliny no nifanaovana mba ampazava tsara ny fomba hanoman'izay mikasa andray anjara ny dosien'izy ireo.

Maro no liana te handray anjara taorian'ny fanazavana ka dia nisy avy atrany ny fanapahankevitra sy ny fisafidianana ny ho atao.

B-NY MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO ARY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA

1. Famaritana ny « fiovaovan'ny toetr'andro » : Ny fiovaovan'ny toetr'andro dia ny tsy fitovian'ny andro taloha sy ny ankehitriny satria tsy voahaja ny tontolo iainana (ohatra :doro tanety,fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany,fandringanana ny ala,fandotoana ny rivotra iainana).

2. Ny atao hoe fampandrosoana maharitra dia ny fikajiana sy ny fikolokoloina ny tontolo iainana (ohatra :fambolen-kazo, fampiharana ny miralenta, fanentanana, mamaly ny filan'ny tsirairay anio sy rahampitso)
3. Ny fifandraisana misy eo amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fampandrosoana maharitra :misy fiantraikany :

- Tsy fahasalamana nohon'ny fahalotoan'ny rivotra iainan'ny olona, biby fiompy, fambolena
- Mihena ny famokarana
- Mitombo ny loza voajanahary sy ny valan'aretina

4. ANTONY MAHATONGA NY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO
   Doro tanety
   Tevy ala
   Fikapana hazo tsy ara-dalàna
   Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany
   Fisian'ireo entona manimba ny " couche d'ozone"
   Fiakaran'ny tahan'ny CO2 na (gaz à effet de serre)

5. NY TOKONY HO ANJARA ASA'NY FANJAKANA EO AMIN'NY FIATREHANA NY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO
   NY AZON'NY KAOMININA ATAO

   Fanentanana sy fandraisana fepetra mahakasika ny ady amin'ny doro tanety
   Fiarovana sy fanatsarana ny tontolo iainana (fambolen-kazo), sy tontolo voajanahary toy ny renirano, ala, biby
   Fampirisihana ny fanentanana ara-pahasalamana hiadiana amin'ny fiparitahan'ny valan'aretina.

C-FANDRAVONANA DISADISA

Asam-baomiera natao seho sehatra: fandravonana adin'ny mpivady

Ny antony mahatonga ny disadisa :

- Fampirafesana
- Fisotroana toaka
- Tsy fahaizana mitantana
- Tsy ampy fifampiresahana sy fifanakalozan-kevitra na serasera
- Ady lova sy fananana
- Tsy fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiaraha-monina
- Tsy fitovian-tsaranga : fahalalana, fananana
- Fitiavana tombotsoa manokana fa tsy te hizara amin'ny hafa

Ny fisorohana sy ny tokony hatao:

- Fandraisana andraikitra ataon'ny fiaraha-monina
- Rehefa tsy voavaha dia akarina amin'ny loholona hamaha ny olana
- Raha tsy vita eo dia mankany amin'ny Fokontany sy any amin'ny Kaominina

- Raha mbola tsy vita eo dia tsy maintsy hiafara amin'ny fitakiana ny zon'ny tsirairay

Ny mahatonga ny ady hihahenjana na hihasarotra :

Fiadiana ny zo
Fahatsiarovan-tena amin'ny fanambakana
Tsy misy fifandaminana na fifampiraharahana vita
Tsy mifandefitra fa samy miziriziry amin'ny heviny

Ny mety ho fandravonana ny ady

Fandaminana
Fampiharana
Fanomezan-danja ny rariny sy ny hitsiny
Atao an-tsoratra ny fandaminana natao

D-NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY

IREO SAKANA TSY AHAFAHAN'NY VEHIVAVY MANDRAY ANJARA EO AMIN'NY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA ATY AMIN'NY KAOMININA SY ETO AMIN'NY FIRENENA:

Sakana:

Varotra: renivola ampiasaina, tsy fahaizana mitantana, fanovana toe-tsaina
Lalana ifamezivezena sy amoahana ny vokatra
Ny tsy fandriam-pahalemana
Tsy fanomezana andraikitra ny vehivavy
Natao ho mpikarakara tokatrano sy ny ankizy ny vehivavy
Tsy fanomezana sehatra ny vehivavy eo amin'ny fitondrana

Vahaolana:

Fanomezana fiofanana ho an'ny Mponina amin'ny seham-pivoarana ara-toekarena ka anisan'izany ny fanovana ara-toetsaina
Fiofanana :fitatanam-bola, fitantanam-pikambanana, fitantanana seham-pihariana
Fanentanana ny olona handray andraikitra ny tenany sy ny kaominina
Fampiharana ny Miralenta
Fifampizarana traikefa

FEPETRA ATAON'NY KAOMININA RAISINA MBA HAMPAHEFANA NY VEHIVAVY EO AMIN'NY LAFINY TOE-KARENA:

- Fanarenana ny vokatry ny fanavakavahana: fametrahana ny vehivavy ao amin'ny sehatra ara-toekarena ao anatin'ny CDC
- Fanamafisana ny tokony hahamaro an'isa ny vehivavy mahazo karan-tany ao amin'ny BIF
- Fanentanana sy famporisihana ny vehivavy amin'ny fampandraharahana ara-bola (ny fisian'ny TIAVO)
- Fitadiavana lalam-barotra, famatsiam-bola, fitaovana, masom-boly ary masom-biby
- Fametrahana ny Miralenta amin'ny sehatra maro ao amin'ny kaominina hatrany ifotony: tanàna-FKT-CR-CDC-Executif-Ben'ny tanàna
- Fametrahana ny Miralenta eo anivon'ny filankevim-bahoaka sy eo amin'ny CDC
- Fametrahana ny Miralenta eo anivon'ny BIF

- ❖ Fampahafantaran'ny kaominina ny lalàna velona misy eo amin'ny sehatra fiharian-karena, amin'ny fandovana sy fananan-tany izay mametraka fa mitovy zara ny lahy sy ny vavy
- ❖ Fanomezana alalana malalaka ny vehivavy hanara-maso ny sehatra maro voalaza io
- ❖ Fampiharana ny zo sy ny lalana mifehy ny fananan-tany sy ny fandovana
- ❖ Fanomezana fahafaham-po ny vehivavy amin'ny fitrosana sy ny fiharian-karena

E-NY SERASERA SY NYFAMPITAM-BAOVAO

Famaritana :

Ny serasera dia fomba samihafa entina hampitana na ifanakalozana hafatra na message amin'ny alalan'ny tambazotra iray eo anelanelan'ny mpandefa sy ny mpandray hahatonga fiovan-toetra.

Fomba atao :

- Amin'olon-tokana: fitsidihana an-tokatrano, fitsidihana any amin'ny birao, fanoratana taratasy manokana, lesona, brochure, bileta
- Amin'ny vondrona: fivoriana samihafa, fitsidihana, fifanankalozana, ady hevitra, tatitra, fanamporofoana
- Amin'ny fomba malalaka (communication de masse):logo, slogan, fiche technique, affiche, autocollant, tee-shirt, lambahoany, masse média, spot, fahita lavitra, gazety, films, fampisehoana, kilalao samihafa.

Fepetra takiana :

Misy mpampita hafatra na vaovao ary misy ny mpandray ny hafatra
Atao mazava sy tsotra ny hafatra tiana hampitaina
Mahay misafidy sy mandrindra ny hafatra hampitaina
Mahay mampita hafatra ny mpitondra hafatra ary mahay mihaino sy mandray hafatra ny iantefany
NB: tamin'ny famaranana dia nisy ny hira noforonin'ny Mpizaika hampitana hafatra

Miara-mientana isika jiaby

Miara-mientana isika jiaby
Hiady amin'ny herisetra eee!
Izay mahazo ny vehivavy sy
Ny ankizivavy ôôô!
Atsaharo ny herisetra
Izay mahazo ny vehivavy
Andao hifanampy
Amin'ny fijerena ny zon'ny vehivavy
Aok'izay!aok'izay!
Atsaharo ny herisetra

Martin (serasera)

F-NY TETI-BOLA SY MIRALENTA

Raha jerena ny teti-bolan'ny Kaominina Sahambavy ity taona 2012 dia hita fa misy ny teti-bola natokana ho an'ny MIRALENTA izay lany tamin'ny fivorian'ny Mpanolon-tsaina tamin'ny Desambra teo;izany vola izany dia mitentina Ar 400 000.
Tiana homarihina fa misy olona iray izay tompon'andraikitry ny Miralenta eo anivon'ny Kaominina.

3. Dingana fahatelo:26/02/12 : fanangonana ireo zava-bita tsara :Teto dia fanampiana ireo handray anjara amny "sommet" no natao,samy nomena ny "formulaire" manandrify azy ireo ny tsirairay mialoha ny fotoana ka dia samy nameno tany aminy avy ka tamn'ity fotoana ity no natao hanitsiana izay tokony ahitsy sy niezahna nanoro hevitra azireo hanatsarany avy ny asany,tao antin'izany ny fanomanana ireo sary tsara sy ireo fijoroana ho vavolombelona noho ny asa vitan'ny mpandray anjara.Miisa sivy ny mpandray anjara vonona sy nahavita dosie.

4. Dingana fahefatra :27/02/12 :fianarana Internet sy fanokafana adiresy mailaka : afanan'ireo mpandray anjara mifandray mivantana amny ekipa GL sy amny hafa ihany koa fa indrindra mba ampiharana ny fahaizana mifampizara vaovao sy mitady vaovao dia nomena fiofana ireto handray anjara amny fifaninanana ka nentina niakatra tany Fianarantsoa izy ireo nampianarina momba ny fanokafana mailaka sy ny fampiasana izany ka dia izy enina mianadahy izany izao dia samy manana adiresy mailaka avokoa.

RESULTAT

- Mpandray anjara sivy no vonona ny an'ny Kaominina Ambanivohitra Sahambavy ary nahavita ny dosie ilaina

PROCHAINES ETAPES

- Fihaonam-be any amny sehatra nasionaly ho azy sivy mianadahy
- Fihaonam-be paritra ho anireo voafantina

Fianarantsoa ce 13 Fevrier 2012
Le rapporteur

Dr RAZFINDRAKOTO Jane Aline Diana
MEMBRE AESG Fianarantsoa